Raharaham-pirenena

# Tsy ho azo ihodivirana ny fikaonandoham-pirenena

Tontosa ny sabotsy teo, tetsy Tsiazotafo, ny andiany faha-2, amin'ny fanomanana ny fikaonandoham-pirenena hatao eto amintsika, nantsoina hoe : « Dinik'asa Iombonana », mialohan'ny tena fikaonandoham-pirenena hatao tsy ho ela ; izay tsy azo ihodivirana ihany koa, satria samy efa nanambara, na ny fianakaviambe iraisam-pirenena, na ny mpanao politika, na ny ray aman-dreny am-panahy, na ny fiarahamonim-pirenena, eny fa na ny filohan'ny CFM : Filankevitry ny Fampihavanana malagasy aza,… fa tsy azo ihodivirana, na tokony hatao ny fifampiresahana eto amin'hy firenena, satria ny hevitry ny maro mahataka-davitra ho famahana izao krizy lalina mihàtra amin'ny firenena sy ny vahoaka Malagasy izao.
Ho fiomanana amin'izay fikaonadoham-pirenena izay, namaly ny antso ireo fikambanana, sendika sy antoko politika samihafa,... ny sabotsy teo ary feno hipoka ny trano tetsy Tsiazotafo.
Fehin-kevitra nandritra izany ny hoe : « Amafisina ny antso atao amin'ny FFKM (Fiombonan'ny Fiangonana Kristianina eto Madagasikara), sy ny fianakaviambe iraisam-pirenena ary ireo rantsana voalazan'ny lalampanorenana (CFM, HCDDED) hanampy sy hanamora ny fikaonandoham-pirenena.
Entanina ny antoko politika, ny fiarahamonim-pirenena, ny fikambanana samihafa izay handray anjara, mba hanomana mialoha ny sosokevitra avy amin'izy ireo izay hodinihana amin'izany. Ho tsara kokoa raha voaray mialoha ny sosokevitra avy amin'izy ireo izay hodinihana amin'izany. Ho tsara kokoa raha voaray mialoha eo amin'ny komity iombonana araka ny tetiandro voalaza etsy ambany. Kendrena hampidirina amin'ny fivoriana faha- 2 amin'ity taona ity eny amin'ny Antenimiera roa tonta ny ho fehin-kevitra amin'ny fikaonandoham-pirenena araka izao tetiandro manaraka izao : hatramin'ny fiandohan'ny volana septambra 2022 : fanangonana ny sosokevitra. Tapabolana faha-2 amin'ny volana Septambra 2022 ny fikaonandoham-pirenena.



*Ireo anisan'ny mpitarika ny Dinika Iombonana tetsy Tsiazotafo ny sabotsy teo.*

**Niaina**

Rina Randriamasinoro

# Fitaovam-pandaingan'ny ministra Lalatiana ny RNM sy ny TVM

Nitondra valin-kafatra ho an'ny ministra Lalatiana Andriantongarivo Rakotondrazafy, ny sekretera nasiônalin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro. Ataon'ny ministra Lalatiana fitaovam-pandaingana hoy izy ny haino aman-jerim-panjakana, ny RNM sy ny TVM.
Nanambara i Rina:" hoy Ramatoa Lalatiana Rakotondrazafy tao anaty fandaharana: manaporofo izany ny nahitana... izay anie mety hoe inian-dry zareo tsy resahana loatra, fa izany ange no vaovao nisongadina teny an-toerana e, fisiana "gros bras" maromaro niaraka tamin'ny SG ny antoko TIM nidina teny an-toerana, nisy ange izany e!" Satria ministra ve dia afaka mandainga ? Nilaza ny minisitry ny Serasera Lalatiana Rakotondrazafy, fa nisy Gros Bras niaraka tamiko teny amin'ny Magro Behoririka ny sabotsy lasa teo. Aiza ny porofo ahafahanao milaza izany, raha nisy ny Gros Bras dia nanaiky ny nisamborana ahy ve izy ireo? Tsy mahagaga raha toy izao no mianjady amin'ny firenena satria lainga foana no lazaina amin'ny vahoaka ! Nilaza ihany koa ny tenany fa namaky "barrage" teny Analakely izahay ary nikasa handoro ny fahitalavitra VIVA, tsy toa anareo izahay. Magro Behoririka no toerana nanaovana hetsika, fa tsy Analakely ary misy horonan-tsary manaporofo izany. Raha manana horonan-tsary ilay lazainao misy anay teny Analakely ianao dia avoahay, fa aza vokisana lainga ny vahoaka."



*Henjan-droa koa ny tady eo amin'i Rina sy Lalatiana.*

**Stefa**

Habibiana nitranga tany Ankazobe

# Mampiseho ny fahalovana misy eto amin'ny firenena hoy ny RDS

Nanao fanambarana ny antoko RDS, tarihan'ny filohany Fetison Rakotoson Andrianirina, mahakasika ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana : « manoloana ny vonoin'olona mahatsiravina, narahina fandrobana sy fanimbampananana, niseho tao Ambohitriniandriana Anosikely, kaominina Ambolotarakely, distrikan'Ankazobe, ny antoko Roso ho amin'ny Demokrasia Sosialy (RDS) dia : miombom-po aminareo fianakaviana namoy havana aman-tsakaiza tamin'izao raharaha izao, ka mitondra ny teny fampaherezana ho anareo. "Tsongoy fon-tena, tsongoy fon'olona", maharary anay ny manjo anareo. Mankasitraka ny fandraisan'andraikitr'ireo mpitandro filaminana, amin'ny fitadiavana sy fisamborana ireo nahavanon-doza kanefa koa, mampahatsiaro ny adidy sy ny andraikitr'izy ireo ny amin'ny fiarovana ny aina sy ny fananan'ny vahoaka malagasy. Mahatsapa fa ny trangan-javatra toa izao dia maneho ny endriky ny fiorenampakan'ny fahalovan'ny firenena, ka ilàna fitandremana fatratra. Ambonin'ny fanajàna ny tany tandalàna ho fampiharana ny sazy sahaza ireo olo-meloka, miantso fifanomezan-tanana sy fiombonana takian'ny asa maika fanarenam-pirenena. Ny Roso ho amin'ny Demokrasia Sosialy (RDS) dia mampahatsiaro etoana ny fanatanterahana ireo lalan-tsaina narosony tamin'ny alalan'ny antso fanambarana ho fanavotam-pirenena tamin'ny faha-27 jolay farany teo. »



*Ny filohan'ny antoko RDS, Fetison Rakoto Andrianirina.*

**Nangonin'i Stefa**

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Fiainam-pirenena

# Mizara karatra hatrany ny fitondrana Rajoelina

Any amin'ny tsy mivonto no manaintaina hoy ny oha-pitenenan'ny tanora ankehitriny, rehefa hiresaka hevitra diso fiantefa sy vahaolana tsy mitombina ireo tanora ireo .
Dia tena izay fomba fijerin'ny tanora izay, no amaritana ny fihetsiky ny fitondrana ankehitriny, satria hafa ny fisehon'ny olana, fa vahaolana tsy mandeha amin'ny laoniny no ataon'ny mpitondra .
Miakatra ny vidin'ny solika , mifantoka amin'ny resaka saran-dalana ny adihevitra tokony handeha, f'Ingahy Rajoelina mizara karatany any Mandoto, sady ny tena mampiomehy , ny fizarana karatany dia tokony ho vitan'ny Ben'ny tanàna eny anivon'ny kaomina , satria ny (Bif) na Birao Ifotony amin'ny Fanànantany no misahana ny fanomezana ny karatany.
Raha tsiahivina ny tantara dia tamin'ny fitondran'ny Filoha Ravalomanana no nanomboka nisy ny Bif , saingy tsy nisalovana ny andraikitry ny hafa ny Filoha Ravalomanana, fa namela malalaka izay tandrify ny asa hanao ny azy .
Mitranga indray olana momba ny fividianana lavanila, dia karatra biômetrika no zarain'Ingahy Filoha, hanariana dia ireo tantsaha, tsy ahatsiaro ny vavabe natao izay nampanantena, fa hiakatra avo telo heny hono ny vidin'ny lavanila raha izy Rajoelina no lany filohampirenena, kanefa ankehitriny mbola latsaka lavitra be ny ampahatelon'ny vidiny teo aloha ny vidin'ny lavanila amin'izao fotoana izao.
Mafana ny adihevitra mikasika ny tokony hanaovana ny fikaonandohampirenena, matahotra ny hifanena amin'ny mpanohitra ny fitondrana , ka asa na karatra momba ny inona indray, no ho zarain'Ingahy Filoha hamiliviliana ny resaka, satria ny mizara karatra ihany , izay no tena manavanana azy. Ny mizara katra ihany koa raha ny tena dikany ho an'ny tanora dia tsy izy intsony, na torana ihany koa,…

**Ny Valosoa**


PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.
Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Notiavina R.